



**FIADIDIANA NY REPOBLIKA  
FAMPITAM-BAOVAO**

**Fankalazanany faha-59 taonan'ny niverenan'ny fahaleovantenan'i Sénégal  
(1960-2019)**

Ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA no filoha vahiny manan-kaja manokana nasain'ny Filoha Sénégalais Macky SALL hanatrika ny fankalazana ny faha-59 taonan'ny fetim-pirenen'i Sénégal androany, 4 aprily 2019.

Antony nifidianan'ny Filoha senegalais an'ny Filoha Andry Rajoelina ny maha Filoha tanora indrindra azy aty afrika sy ny fahatsapany ny finiavan'ny Filoha malagasy hanova ny tantaran'i Madagasikara sy hanavotra an'i Madagasikara ka ho ohatra ho an'ny mpitondra afrikanina rehetra. Nomena toerana manokana teo akaikin'ny Filoha Macky Sall hatrany araka izany ny Filoha Andry Rajoelina mivady nandritry ny fankalazana ity fetim-pirenena ity. Notanterahina tao amin'ny « Place de la Nation » ao Dakar, renivohitra sénégalais ny matso mariky ny fankalazana ny fetim-pirenena. Lohahevitra novoizina nandritry ny fankalazana ny hoe « Les forces de Défense et de Sécurité, un exemple dans l'éducation à la citoyenneté et à l'unité nationale » na ny hoe Ohatra ho an'ny fanabeazana ireo olom-pirenena sy ho amin'ny fampiraisam-pirenena ny mpitandro ny filaminana. Miisa 5850 ireo sivily sy miaramila, 345 ireo fiara, 124 ireo moto ary 31 ireo zandary mitaingin-tsoavaly nanao ny matso, teo amin'ny lalana Boulevard du Général de Gaulle tao Dakar. 1815 amin'izy ireo no sivily ary 4035 kosa ireo miaramila sy mpitandro ny filaminana sénégalais. Naharitra ora 2 sy 35 minitra ny matso. Nanokatra ny matso ireo moto 124 ary namarana izany kosa ireo zandary mpitaingina soavaly 31. Ankoatra ny matso, nisy ihany koa ny fametahana galona ireo manam-boninahitra zandary, polisy sy miaramila nahavita be tao Sénégal.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika  
04-04-2019